Haingo Paradis 3

**Vehivavy hafa nadoboky ny fitondrana Rajoelina am-ponja koa**

TIM Fianarantsoa 2

**Miroso ny fananganana birao manerana ny Boriboritany miisa 7**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 2 mey 2023 Laharana 1429 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


CENI sy HCC 3

**Mijery fotsiny ny fandikan-dalàna ataon'ny fitondrana Rajoelina**

Faritra Sofia 2

## Fahombiazana ny kongresim-paritry ny antoko TIM




Andro iraisam-pirenena ho an'ny asa 2

## Mila asa sahaza azy ny Malagasy rehetra hifanampy isika hoy Ravalo



Olan'ny Jirama 7

## Tsy ho voavahan-dry Rajoelina mandra-pialany afaka 140 andro eo



Fetin'ny asa omaly 3

## Hakaro ny fahefa-mividin'ny mpiasa hoy ireo sendika



Zava-mahadomelina mahery vaika 6

**Tratra tao Mahitsy ireo mpanaparitaka "rôrô"**

Fampianarana ambony 6

**Hankalaza ny faha-50 taonany ny Polyteknika Vontovorona**

Daka kely

Tena mampijaly ny sipa mihitsy lisany amin'ity fanadobohana tsisy farany ity ry Boaikely a !

Faritra Sofia

# Fahombiazana ny kongresim-paritry ny antoko TIM

Na tany amin'ny faritra Sava, na tany amin'ny faritra Diana, na tany Sofia, fahombiazana ny dian'ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM, tany amin'iny tapany avaratr'i Madagasikara iny. Ireo toerana rehetra nolalovany dia samy niantso an'i Dada avokoa ireo vahoaka marobe tamin'ireny toerana ireny, niantso izy ireo ny filoha Marc Ravalomanana hanavotra indray ny vahoaka sy ny firenena Malagasy, izay latsaka an-katerena tanteraka amin'izao fotoana, noho ny tsy fahaiza-mitantan'ny fitondrana Rajoelina. Ny filazana fa « champion » ity filoha ity amin'ny sehatra samy hafa ankehitriny, ataon' ny vahiny hoy ny maro nandritra izany dia karazany fanesoana ny filoha Rajoelina ihany, fa « champion » ny fanapotehana sy ny lainga, izy sy ireo mpiara-dia aminy.




*Ny antoko TIM tany Antsohihy ny sabotsy teo.*

Fahombiazana toy izany ihany koa ny kongresim-paritry ny antoko TIM, izay natao tany amin'ny faritra Sava, tany Sambava, sy ny notanterahana ny faran'ny herinandro teo tany amin'ny faritra Sofia, tany Antsohihy. Maro ireo mpikatroka tonga avy amin'ireo distrika mandrafitra ny faritra Sofia, nahatonga solontena avokoa izy ireo dia ny avy amin'ireo distrika 7 mandrafitra ny faritra dia : Mampikony, Boriziny, Ananalalava, Antsohihy, Befandriana Avaratra, Bealanana ary Mandritsara. Feno hipoka ny tokontanin'ny Magro tao andrenivohitry ny faritra Sofia ny sabotsy teo. Niray feo izy ireo, niantso ny filoha Marc Ravalomanana hirotsaka hofidiana indray, hanavotra ny vahoaka Malagasy sy ny firenena, izay tena sahirana tokoa amin'izao fotoana. Hifanampy sy hifanome tanana isika ho amin' izany hoy i Dada. Hohatevenina sy hohatsaraina ny fitsinjaram-pahefana tena izy, izay efa natomboka tamin' ny fotoana nitondrany. Lalana ho amin'izany koa hoy izy, ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana : fisoratana anarana amin'ny lisitry ny mpifidy ho an'ny mbola tsy nahatontosa izany ary ny fanamarinana, sy ny fanaraha-maso ny anarana sy izany lisi-pifidianana izany, izay hita fa misy mitady hanao hosoka hanatanterahana hala-bato sahady, amin'ny fifidianana ho avy.

***Isambilo***

Kohen Rivo Lala

# Nanaparitaka vato no nirotsahany depiote tany Antsirabe II

Nanakarontana vato fotsiny tao amin'ny Distrikan'Antsirabe faha-2, no tanjon'ny kandida Solombavambahoaka Kohen Rivo Lala avy amin'ny antoko Ccdm (CTIC Ctac Dou Madagasikara), tamin'ny taona 2019, fa tsy mbola haka fahefam-panjakana velively, rah any nambarany. Nanohy fanazavana ity mpanao politika, no sady mpitsabo Kabalistika Ctic Ctac Dou ity, fa tsy navelan'ny vondron'antoko Mapar hahazo sehatra ireo antoko hafa nandritra ny fifidianana Solombavambahoaka tany amin'ny Distrikan'Antsirabe faha-2, ka noteherin'ny kandida Kohen Rvo Lala izany, satria tsy nisy ny fifandajan-kery politika any an-toerana ary nandany vola aman-tapitrisaiya nandritra ny fampielezankevitra ity mpanao politika ity, mba tsy ho po-droa ny Mapar, hoy izy nanditra ny voka-pifidianana Solombavambahoaka. Nanamafy ny filohan'ny antoko Ccdm, fa nampiditra sy nanome toerana ny kandida avy amin'ny antoko Tim, tao amin'ny Distrikan'Antsirabe faha-2 i Kohen Rivo Lala na dia nahazo vahana aza ny "Doublons", sy ny hala-bato nandritra ny fifidianana Solombavambahoaka tany an-toerana ary mbola tsy fotoana andraisan'ny filohan'ny Ccdm fahefam-panjakana izao, fa miandry ny baikon'ilay mpahary izay naniraka azy izy. Nilaza Andriamatoa Kohen Rivo Lala, fa taranaka Ampanjaka ity farany ary tsy mandroso ny firenena raha tsy miverina amin'ny taranaka Ampanjaka, satria ireto farany no mahafehy ny fomban-tany. Nanamafy ny filohan'ny Ccdm, fa ny taranaka Andriana, izay mpikomy no nandrombaka ny fahefam-panjakana ary nivarotra ny tanindrazana amin'ny vahiny, ka izany no mahatonga ny firenena fadiranovana sy mikorona fahana hatrany toy izao. Tokony hiverina amin'ny hasin'ny taniny sy ny fomban-drazany ny Malagasy, satria taranak'i Abrahama ary tokony hiala tanteraka amin'ny fomba amam-panaon'ny tandrefana, mba tsy ho andevo mandrakizay.



*Kohen Rivo Lala.*

***Franck Razakambelo***

TIM Fianarantsoa

# Miroso ny fananganana birao manerana ny Boriboritany miisa 7

Manamafy sy manetsika ny eny amin'ny fototra amin'izao fotoana ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) any Fianarantsoa, renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony, tarihan'ny filoha lefitra nasionalin'ny antoko any Fianarantsoa Dr Elysé Zanabahoaka. Nambaran'ity mpitarika ity fa :"miroso ny fananganana ny biraon'ny antoko Tiako i Madagasikara, manerana ny Arrondissement, na ny Boriboritany miisa 7 eto amin'ny distrikan'i Fianarantsoa Renivohitra. Arahina fiofanana, hanatsarana ny fahaiza-manao hitarihana ny antoko izany." Tsy adinon'izy ireo ihany koa ny manentana ireo mpitarika, hanentana ny mponina any amin'ny misy azy avy, hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana, ho an'ireo mbola tsy nahavita izany, ary hanamarina ny anarany ao anatin'izany lisitra izany, ho an'ireo efa nahavita.

***Stefa***



*Ny fananganana ny biraon'ny antoko TIM tany Fianarantsoa.*

## *Ny Valosoa sy fakafaka*


# Manakaiky ihany ny fotoana tokony hialan'i Andry Rajoelina

Araka ny tetiandro navoakan'ny CENI, na ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana ary efa nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), na mbola tsy namoaka ny didim-panjakana manaika ny mpifidy handatsabato aza ny governemanta, amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy eto amintsika tokony hatao eto amintsika amin'ity taona ity, efa miha-manakaiky ny fotoana tokony hialan'ny filoha Andry Rajoelina amin'ny toerany. Raha ny 9 novambra no novinavinain'ny CENI fa hanaovana izany fifidianana izany, ny 9 septambra farafahatarany no tokony hametrapialana ny filoha am-perinasa, ny filoha Rajoelina, raha hirotsaka hofidiana izy, ary hirotsaka hofidiana izay tokoa izy raha ny fitsidiham-paritra nataony tato ho ato no dinihana sy fakafakaina, satria efa manao fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana ny tenany. Efa mandeha ny fanerena an-kolaka ireo tompon'andraiki-panjakana na olom-boafidy hanohana azy amin'izany fifidianana izany. Nomena fiara 4 x4 ireo lehiben'ny distrika, nomena moto ireo ben'ny tanàna, farany teo, nahazo bisikileta koa ireo sefo fokontany ary nampanaovina akanjo miloko volon-daoranjy misy ny sarin'izy filoha amin'izao fotoana. Ireo zavatra nomena ireo voavidin'ny fanjakana hoy ny maro, fa ny vola hividianana soliky ny Jirama hampihenana, na hanafoanana ny delestazy tsy hitany. Momba ity raharaha ity, efa tsy tahotra tsy henatra ny fandikan-dalàna ataon'ny mpitondra. Hatreto tsy andrenesam-peo na kely akory aza mikasika ireo fandikan-dalàna mibaribary ireo ny CENI sy ny HCC, toa minia manampi-maso sy manentsintadiny tanteraka momba izao zavatra tsy mety ataon'ny fitondrana mialohan'ny fifidianana izao izy ireo. Na izany na tsy izany aloha, 5 volana latsaka eo sisa, na any amin'ny 140 andro any ho any dia tsy maintsy tokony hiala ity filoha mpandainga sy mpanimba firenena ity, heverina fa tsy hisy loatra intsony ny hanaraka ny baikony amin'izay fotoana izay. Eo isika mahita izy.

***Ny Valosoa***

Andro iraisam-pirenena ho an'ny asa

# Mila asa sahaza azy ny Malagasy rehetra, hifanampy isika hoy Ravalo



Noho ny andro iraisam-pirenena ho an'ny asa omaly 1 mey, niarahaba ny mpiasa rehetra tsy ankanavaka manerana ny Nosy ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM sy filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM. Nambarany fa : "zotra tokana miantoka ny fandrosoan'ny Firenena iray ny fananan'ny Olom-pirenena ao aminy ASA SAHAZA. Ivelaran'ny maha olona sy ny olona manontolo izany, satria tsy ny Olombelona no natao ho an'ny Asa fa ny Asa no natao ho an'ny Olombelona. Koa dia mirary soa anareo mpiasa rehetra eto Madagasikara ny tenako amin'izao andro manerantany ho an'ny asa izao. Fa indrindra ihany koa mirary ny soa sy ny tsara ho an'ny Malagasy rehetra izay mbola eo am-pikarohana ny Asa sahaza ho azy. Mafy sy sarotra ny iainanareo, fa aza manary toky hifanampy sy hifanome tanana isika satria antoka lehibe handresena ny fahantrana ny famoronana Asa. Miasà, miasà tsara, miasà mafy."

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fetin'ny asa omaly

# Hakaro ny fahefa-mividin'ny mpiasa hoy ireo sendika

Azo lazaina ho fahombiazana ny hetsika nataon'ireo sendika omaly, nandritra ny fankalazana ny 1 mey. Maro no namaly ny antso tamin'ny filaharambe nataon'ireo sendika niainga avy eny Ankorondrano, ka hatreny Alarobia, izay nivorian'izy ireo. Maro ireo fitakiana nanterin'ny sendika nandritra izao fankalazana izao: tsy tokony hahena ny karama farany ambany eto amintsika fa tokony ho 250.000 Ar ihany, mila hatsaraina ny tontolon'ny asa amin'ny ankapobeny eto amintsika, ratsy ny fahefa-mividin'ny mpiasa ankehitriny ka mila hakarin'ny mpitondra fanjakana amin'ny alalan'ny politika maty paika fa tsy toy ny amin'izao fotoana. Avoahay koa hoy izy ireo sendikalista migadra tsy ara-drariny. Momba ny olan'ny orinasa Cnaps, mitaky ny hametrahana tena mpitantana izy ireo, fa tsy ho mpitantana vonjy maika toy izay nandritra ny 8 volana izay.

**Tsy mitovy ny mari-karama**

Isan-taona tokoa dia tsy maintsy mankalaza ny 1er Mey, fetin'ny asa, ny mpiasa Malagasy ary manamafy izay fitakiana efa napetraka teo anivon'ny fitondrana nifandimby, kanefa dia toa tsy nisy izany fitohizan'ny asam-panjakana izany. Maro ny sendika nitsangana nandritra izay enimpolo taona mahery namerenan'ny mpanjanaka ny fahaleovantena izay. Nisy tamin'izy ireny no nivaky roa tamin'ny Revolisiona Sosialista ary nisy koa vaovao nitsangana, satria raha tsy antoko teo anivon'ny Mandatehezana Miaro ny Revolisiona dia nitsipozipozy na foana tanteraka mihitsy. Tsy azo lavina koa anefa, fa nisy ny tsy nijanona tamin'ny fampiroboroboana ny sendikany. Nisy hatrany anefa ny fanavaozana ny Lalàna Mifehy ny Asa (Code de Travail) teo amin'ny sehatry ny tsy miankina ary toy izany koa ny « Statut Général des Fonctionnaires ». Nanangana ary namolavola Sata Manokana (Satut Particulier) ny mpiasam-panjakana nivoaka tamin'ny Sekoly Ambony manofana mpiasam-panjakana. Tsy mitovy ny mari-karama ho an'ireo mpiasam-panjakana isan-tokony, na dia mitovy aza ny taom-pianarana niofanana. Na dia ireo sekoly manofana manamboninahitra eny amin'ny Akademia Miaramila, sy ny Polisim-pirenena aza dia tsy mitovy ny mari-karama ho an'ireo vao mivoaka. Misy izany koa eo anivon'ny mpiasam-panjakana teknisiana, sy misahana ny fampandehanan-draharaha na dia samy eo anivon'ny minisitera iray aza. Tsy azo lavina fa miteraka tsy firaisankina izany toe-javatra izany, ka raha mitokona ny iray dia tsy manohana ny ankilany. Nisy tsirim-piraisankina taorian'ny fanonganam-panjakana ny taona 2009 rehefa nampiharina teto amin'ny Firenena ny « Tondro Zotra » novolavolain'ny Vondrona Iraisam-pirenena, ka nitsangana ny governemanta nisy ireo an-kolafin-kery rehetra. Nitsangana mirazotra tamin'izany ilay natsoina « Grands Corps », izay namoaka fehinkevitra tamin'ny fampiakarana ny karama farany ambany sy fampitoviana ny marikarama rehefa mitovy ny faharetan'ny fiofanana na sekoly taiza na taiza ny mpiasa no nivoaka na teto amin'ny Nosy na tany ivelany. Tsiahivina, ny injeniera nivoaka tao amin'ny Sekoly Ambony Politeknika eto Madagasikara dia tsy nitovy marikarama ny mpiandraharaha raha noharina tamin'ny injeniera niofana tany amin'ny Firaisana Sovietika tamin'izany fotoana izany. Niady ny teto an-toerana ka dia samy Sokajy 8 (Catégorie VIII) rehefa nahavita fianarana. Nandritra ny tetezamita dia toa nisy tokoa ny firaisankinan'ny mpiasa nivondrona tao amin'ny Grands Corps kanefa toy ny zavatra niainan'ny Malagasy, amin'ny ankapobeny, na eo amin'ny sehatra inona na sehatra inona dia misy hatrany ny mivadika na mamadika ny namany rehefa tsy mahatohitra ny mena miraviravy. Very an-javony ny fivoriana maro nandaniana herintsaina sy herim-batana ary vola ka niraviravy tànana ny mpiasa Malagasy satria amana hetsiny maro ireo mpiasa very asa tamin'izany fotoana izany kanefa tsy nifantoka tamin'ny fanerena ny mpitondra tamin'izany hamorona asa ho azy ireny.

**Ho matotra sy ho hentitra ny fitakiana**

Niverina teo amin'ny fitondrana Rajoelina Andry ary niezinezina ny fanontaniana napetrany tao amin'ny Palais des Sports" : manana asa ve ny tanora ? Ampy ve ny karama ? Rehefa lany ho filohan'ny Repoblika izy dia heverina, fa tokony nijoro ny sendika rehetra na amin'ny sehatra inona na amin'ny sehatra inona nitaky ny nanatanterahany ny toky nomeny. Taona vitsivitsy izao dia nampanantena indray ny filohan'ny Repoblika, fa hasondrotra ho dimy alina sy roa hetsy ny karama farany ambany eny amin'ny toeram-piasana tsy miankina. Tsy mbola mihàtra aloha izany hatramin'izao ary nihena indray aza, ka omaly no nanao hetsika ny sendikan'ny mpiasa, na any amin'ny sehatra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana. Araka ny fantatra dia ho matotra sy ho hentitra ny fanamafisana izay fitakiana rehetra efa nataon'ny sendika, indrindra eo amin'ny famoronan'ny mpitondra asa, satria voalaza fa « tompondaka amin'ny fananganana indostria » ny filohan'ny Repoblika ankehitriny. Toa anaram-boninahitra fanesoana azy ihany anefa izany, ka tsy dia misy antenaina loatra aminy ny amin'izay ho famoronana asa izay. Ny fanantenana dia tsy ho voazarazaran'ny fitiavantena sy ny tombontsoa manokana intsony ny mpitarika sendika, fa hivondrona sy hiray hina ary tsy hikatsaka afa tsy izay mahasoa sy hiaro ny mpiasa amin'ny tsy rariny sy fandrahonana ataon'ny mpampiasa kanefa dia milefitra tsy fidiny satria mafy ny fiainana.

*Andry Tsiavalona*

**HAINGO PARADIS**

# Vehivavy hafa nadoboky ny fitondrana Rajoelina am-ponja koa

Mpanao facebook nadoboky ny fitondrana Andry Rajoelina am-ponja koa izao i Haingo Paradis, izay no anarany amin'ny tambazotran-tserasera facebook. Naiditra am-ponja eny Antanimora ny sabotsy teo ity andriambavilanitra mpikirakira tambazotran-setrasera ity, sady mpiasan'ny fahasalamana. Na milaza ho mpomba ny fitondrana aza izy, masiaka amin'ny fomba fanehoan-keviny, nilaza fa manana dosie mahakasika ny ministra, sy ny talen'ny kabinetra ary ny DPS ao amin'ny ministeran'ny fahasalamana, ka izay no heverina fa nampidirana azy am-ponja izao, notorian'ireo lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny ministeran'ny fahasalamana ireo. Raha ny fanehoankevitra anisan'ny navoakan'i Haingo Paradis farany:" mamy ny vola! tsara ny voninahitra sy



*Haingo Paradis, vehivavy midoboka am-ponja koa amin'izao fitondrana Rajoelina izao.*

ny fahefana fa misy fetra izany , aleo tsy manana raha hanaovan-dratsy ny fahefana izay nomena. Tsapako tena malahelo ianareo mahafantatra ahy manoloana ny fanosoram-potaka misy satria mandrovi-tsihy ireo io, te hanao zavatra ny Filoha fa misy amboadia manodidina azy, tsimaintsy hampahafantariko azy izany , raha izaho no hangina iza no iandrasako hiteny ? Marary efa ela ny mpiasan'ny fahasalamana, anilanareo hatrany aho ary tsy hanaiky hatramin'ny farany . Misy capture d'appel mamoafady ato amiko,vonona aho hanolotra izany amin'ny Filoham-pirenena raha ilainy hanaporofoko, fa faikany ary Mafia izy 3 ireo: Dircab , DPS , Ministre. Mifona aho Dr Manitra Rakotoarivony satria ianao dia lasibatra foana na dia mangina sy mandefitra aza, saingy aza matahotra fa tsy tonga ho azy izao zavatra izao, fa lalana hitondran'Andriamanitra , indraindray mafy ny sedra fa tsy manova antsika tsy hifikitra amin'Andriamanitra izay inoantsika izany .

Tsy miova ny tarigetra , Firenena aloha , Vahoaka aloha. " Izao raharaha izao dia maneho indray, ny ady anatiny misy ao anivon'ny fitondrana Rajoelina ary hita fa toa tsy voafehin'ity farany intsony mihitsy.

*Ny Valosoa*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## CENI sy HCC
## Mijery fotsiny ny fandikan-dalàna ataon'ny fitondrana Rajoelina

**Jean Rakotobearison :** nahazo bisikileta ireo sefo fokontany, manao akanjo orange misy sarin-dRajoelina, mijery fotsiny ny fandikan-dalàna ataon'ny fitondrana Rajoelina ny CENI sy ny HCC amin'izany.

**Riribe Toamasina :** fifidianana toa inona no hiseho eto? aiza ny Hcc sy ny Ceni manoloana izao fandikan-dalàna misy izao? Sefo fokontany manao akanjo orange, misy sarin-dRajoelina. Ry vahoaka malagasy olompirenena vanona!
Fandikan-dalàna tsy azo ivalozana izao zava-misy tany @ distrikan' Amboasary faritra Androy izao ary porofo mitohoka @ tenda mampitombina ny hala-bato sy tsy fanarahan-dalàna. Tsy solontenan'ny antoko Tgv-Mapar ny sefom-pokontany, fa solontenam-bahoaka eny ifotony ary volam-bahoaka no hanakaramana azy ireny, fa tsy volan'ny antoko Tgv-Mapar akory ary tokony ho neutre izy ireo. Tsy azo ekena intsony izao toe-javamisy eto @ firenena izao hiatrehana fifidianana.
Mazava ho azy, fa mitombina sahady ny ahiahin'ny vahoaka, fa hisy ny hala-bato eny ifotony eny, indrindra fa any @ tany lavitra andriana, satria ireo sefom-pokontany ireo sy ny sefom-pokontany distrika no hanodinkodina ny voka-pifidianana sy ny safidim-bahoaka, fandikan-dalàna no ilazana izao zava-misy izao.
Aiza ianareo kandida hilatsaka ho filoham-pirenena no tsy mivondrona? Aiza ny antoko politika no tsy mitsangana?
Aiza ny olompirenena tia tanindrazana no tsy sahy miteny?
Ny G5 dia manameloka izao fihetsika mamohehitra izao ary hiantso ny herivelona rehetra tia tanindrazana hiara-hidinika handray fanapahankevitra, fa tsy mendrika ny firenena ny toe-javatra toa izao.
tsy hiteraka filaminana eto @ firenena ny toa izao. Aparitao farany izay zokiny ho fanta-bahoaka. Fandikandalana mihoampampana izao. Aiza ny Neutralité de l'administration? Aiza ny SOUS-PREFET SY PREFET NO MITAZAM-POTSINY?

**Dani Jean :** izy reo aza efa nahazo 4x4. Kkkk!

**Didi Andriana :** samia mijery ny ambadik'ity Seho ity ! Ny Tolom- bahoaka dia Hery matanjaka... , maro ny teo nilaza izy Matanjaka, nefa mbola Lavo Ihany. Ho avy fotoana zay io!

**Michel Patrick :** ireo ve no hanaramaso fifidianana, sa hanao course BICYCLETTE amin'ny 26 juin. Kkkk!

**Juery Samuel :** mila tsy mandry antsika. Ary mila tonga saina ianareo izay natao hisolon-tenam-panjakana eny ifotony, hijery ny hoavin'ny taranaka avy afara, fa tsy ny tombontsoa mandalo.

## TONONKALO

### ANTSO HO ANAREO MPITONDRA
### (fetin'ny asa : 01 may 2023)

Mpiasa efa refona sy tena lanaka
F'efa tsy mahavelom-bady aman-janaka,
Izay ry mpitondra no tiana ampitaina
Ka mieritrereta ary mbà tonga saina !

Mandeha tsy azo tanana anie itony lera,
Ka dia aza faly ny mihoerahoera
Fa jereo ny mpiasa ary henoy ny tarainany.
Akaro, asondroty izay mba fari-piainany !

Mieritrereta ary aoka ho tadidy
Fa « mpiasa » no maro amin'ireo izay hifidy,
Ka raha « mody maty » ianareo eny ambony
Dia ny entanareo no avy dia ahoròny !

Kapoakan'ny vary aza tsy ho voavidy,
Fa mpiasa efa tena misotro mangidy
No misy amin'izao ka dia diniho ihany.
Aza andrasana hipoaka ny sarom-bilany !

...Ny momba ny mpiasa no 'ndeha hatsarao
Raha maniry ny mbola hamahatra ianao ,
Fa ny mpiasa efa leo ary tsy mila intsony
Mpitondra tsy vonon-kiaro ny zony !

*TSIMIMALO (01-05-23)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Manou

**Ny filoha Marc Ravalomanana niara-niombom-bavaka tamin'ny kristiana tao amin'ny FJKM Ambondromamy, faritra Boeny ny alahady teo. Loha-hevitra tamin'izany ny tenin'ny soratra masina : "kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia antsika." Romana 8:37.**










**Akon'ny fitsidihan'ny filoha Marc Ravalomanana ny tany Antsohihy faritra Sofia ny faran'ny herinandro teo, sy akon'ny kongresim-paritry ny antoko TIM tany an-toerana.**










## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Raha misy manimba ny tempolin'Andriamanitra, dia mba hosimban'Andriamanitra kosa izy; fa masina ny tempolin'Andriamanitra, dia hianareo izany."*
***I Korintiana 3:17***

FESTIVAL SÔMARÔHO

# Hiavaka dia hiavaka tanteraka ny andiany faha-10




*« Festival Sômarôho 2023 ».*

Hiavaka dia hiavaka tanteraka ny hetsika "Festival Sômarôho", hokakarain'ny "Groupe Wawa" miaraka amin'ny fanohanan'ny Telma amin'ity taona 2023, ho tontosaina any Nosy Be amin'ny 01 ka hatramin'ny 13 aogositra 2023, satria dia miditra amin'ny andiany faha-10 amin'ity taona ity, sady miaraka marihana amin'ny faha-20 taonan'ny tarika Wawa ihany koa. Anisan'ny mampiavaka azy ihany koa ny hanatanterahana ny hetsika "After Sômarôho", hisian'ny hetsika ara-panatanjahantena sy hetsika fitsidihana manokana ny tanànan'i Nosy Be, ankoatra ny fanatanterahana an'ireo hetsika efa nahazatra hatramin'izay andiany 9 notanterahina izay. Mbola hampiavaka an'ity hetsika 2023 ity ihany koa, ny hanoloran'ny "Groupe Wawa" sy ny orinasa Telma loka maro isan-karazany, izay ho azon'ireo tsara vintana amin'ny alalan'ny fividianana tombola, hiarahan' izy ireo amin'ny orinasa Telma, ka anisan'ny goavana indrindra amin'izany dia ny mety hahazoana "Séjour complet à Nosy Be", hahazoana manatrika ny « Festival Somarôho », izay ho sarihana amin'ny faha-19 mey 2023 ho avy izao ary koa ny mety hahazoana ny fiarakodia 4x4 BT 50 iray sy ny Moto iray ihany koa ary ny bisikileta VTT iray, sy loka maro isan-karazany, izay ho sarihana amin'ny faha-13 aogositra 2023. Nomarihan'ny Telma teny amin'ny Campus Andraharo nandritra ny valandresaka nataony niaraka tamin'ny "Groupe Wawa" tamin'ny zoma lasa teo, fa hisy ihany koa fisarahana loka madinidinika samihafa isaky ny 3 herinandro. Amin'ny alarobia 02 aogositra 2023 ho avy izao no hanatanterahana ny "Carnaval" manodidina ny tanàna, hanombohana ny « Festival Sômarôho 2023 ».

***Rainilita***

**Rugby Malagasy**

# Nahazoam-bokatra ireo lalao tamin'ny faran'ny herinandro

Nahazoam-bokatra ireo lalao rugby fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy lahy sy vavy, notontosaina tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka. Voka-dalao azo "Championnat de Madagascar Dame 2è Divison" : Fanja Anjanahary (51) – (00) Rosa Antohomadinika, Sabnam Sabotsy (17) – (39) Uasc Cheminot. "Championnat de Madagascar Dame 1ère Division" : Scb Besarety (41) – (10) Ftm Manjakaray, Ftfa Antohomadinika (18) – (21) Rcts Soavimasoandro. "Championnat de Madagascar Elite Federale XXL Energy Top 20 2023" : Ftba (21) – XV Avenir (17), Ftma Ankasina (22) – (09) XV Fa, 3Fb Fahasalamana (55) – (26) Us Ikopa, Tam Anosibe (24) – (30) Tfa Anatihazo.

***Rainilita***



*Lalao rugby vehivavy tamin'ny sabotsy.*

**Kitra, « Coupe de France 2023 »**

# Tsy nisy nisioka ny filoha Emmanuel Macron

Tsy nisy nisioka ny filoha Frantsay Emmanuel Macron, araka ny nieritreretan'ny maro azy noho ny resaka politika mafana any Frantsa ankehitriny, izay nanatrika ny lalao famaranan'ny lalao baolina kitra "Coupe de France 2023", notanterahana tao amin'ny kianja "Stade de France" tamin'ny sabotsy 29 aprily 2023 lasa teo, fa dia resaka fanatanjahantena madiodio no natrehan'ny rehetra. Norombahin'ny Toulouse Fc ity amboara « Coupe de France 2023 » ity, rehefa lavony tamin'ny isa mavesatra 5-1 ny ekipan'ny Fc Nantes nifanandrina taminy. Teo amin'ny minitra faha-4 sy faha-10 ary minitra faha-23 sy faha-31 ary teo amin'ny minitra faha-79 no nampidirandry zareo Toulousain an' ireo baolina 5 ireo, raha « penality » teo amin'ny minitra faha-75 kosa, no nahazoan'i Nantes ny baolina iray matiny.

***Rainilita***




*Toulouse FC, vainqueur Coupe de France 2023.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Rona trondro maina sy anamalaho sy ovy ary angivy** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana amin'ny harerahana be na fatigue générale



Fanafana amin'ny harerahana be na fatigue générale indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mety mahafaty ny harerahana be raha toa ka tsy voatsabo haingana:

Zavatra ilaina :
25 clou de girofle, na voan-jirofo.
01 voasarimakirana.
Rano
Siramamy.

Fomba fikarakarana azy :
Atao anaty casserole ny voasarimakirana efa voatetika sy ny voan-jirofo ary tapohana rano 5 vera. Rehefa vita izay dia hampangotrahana amin'ny afo malefaka mandritra ny 10 minitra, ka tatavanina anaty vera ilay ampiasaina ary rarahana siramamy kely izay vao azo sotroina.

Fomba fampiasaina azy :
Sotroina 1 vera ny maraina sy 1 vera ny hariva.

Faharetany :
Mandritra ny 3 andro dia tokony ho afaka tanteraka ilay fatigue general nianjady.

Fanamarihana :
Mazava ho azy, fa mbola azo ampiasaina hatrany ireo ambin'ny akora natoraly teo.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambatoharanana distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Ambatoharanana distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Tao aorian'ireo tanàna miisa 8 tany amin'ny distrikan'I Soanierana Ivongo, dia ireo tanàna miisa 10 amin'ny distrikan'I Vavatenina, amin'ny faritra Analanjirofo ihany no Mahaliana eto amin'ny gazetinao. Ny tanànan'Ambatoharanana dia renivohitry ny kaominina Ambatoharanana, iray amin'ireo kaominina miisa 10 mandrafitra ny distrikan'i Vavatenina. Mbola tsy dia tena avo toerana izy, satria 333 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Amin'ny faritra atsimon'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga. Ny voankazo toy ny letchi sy ny manga.





ZAVA-MAHADOMELINA MAHERY VAIKA

## Tratra tao Mahitsy ireo mpanaparitaka "rôrô"

Tratra ny mpanaparitaka zava-mahadomelina mahery vaika: rôrô na heroine tao Ambohidratrimo distrikan' Ambohidratrimo faritra Analamanga.
Nahitam-bokany ny fidinana ifotony nataon'ny zandary avy ao amin'ny kaompania Ambohidratrimo, sy ny alika mpitsongo dia an'ny Crfdc Ivato, tetsy Mahitsy ny sabotsy teo. Izany dia tafiditra anatin'ny ady amin'ny fiparitahan'ireo zava-mahadomelina mahery vaika, izay hita soritra tokoa fa manimba ireo tanora amin' izao fotoana izao dia ilay antsoina hoe " rôrô" izany. Vokany, manodidina ny 10 g tamin'io zava-mahadomelina io no sarona niaraka tamin'ny fitaovana maro karazana, izay fampiasa amin'ny fitsindronana sy fidorohana. Rongony nilanja 2,300 kg ihany koa no tratra, nandritra ny fisavana trano nataon'ireo zandary. Tafakatra 14 ireo olona voasambotra tao Mahitsy nandritra ny fidinana ifotony nataon'ny zandary, izay vehivavy ny 2 tamin'izy ireo. Tsy namindra fo ireo mpitandro filaminana, satria loza mitatao sy efa mihàtra hoan'ireo tanora malagasy ity zava-mahadomelina mahery vaika ity, ka nosamborina avokoa na ireo mpidoroka na ireo mpivarotra. Notanana, sy atao fanadihadiana, ao amin'ny kaompania Ambohidratrimo izy rehetra ireo.



*Ireo fitaovana, sy ireo zava-mahadomelina saron'ny zandary.*

**Niaina**

Fampianarana ambony

## Hankalaza ny faha-50 taonany ny Polyteknika Vontovorona

Mankalaza ny faha-50 taona nijoroany amin'ity taona ity ny sekoly ambony ny Polyteknika eny Vontovorona, na ny ESPA. Ny sabotsy 3 jona izao no hanombohana ny fankalazana izany tsingerin-taona izany. Noho izay antony izay, ny mpikarakara dia manasa ny mpiasa: PERSONNEL ENSEIGNANT, PERSONNEL ADMINISTRATIF ET TECHNIQUE, mpianatra: ÉTUDIANTS, maitimolaly: ANCIENS, SPONSORS, PARTENAIRES, … hiara-hifaly mandritra ny fisakafoanana sy lanonana ombam-pifaliana, izay ho tanterahina ao amin'ny Espace Yandy By Pass Alasora ny sabotsy 03 jona izao, hanomboka amin'ny 12 ora atoandro. Nambaran'ny mpikarakara ihany, fa natao hanamafisana ny firaisankinan' ny rehetra fianakaviamben'ny sekoly ESPA ity hetsika fanokafana ny taon-jobily ity.
Ny famandrian-toerana dia hatramin'ny talata 30 Mey 2023, voafetra ny toerana hoy izy ireo ka tokony ho fandrihana mialoha izany. Ny fanjifana ny tapakila kosa: Scolarité ESPA Vontovorona (Ex Resto) / FB : Réseau ESPA / Secrétariat ESPA Ankatso (P.112). Afaka aloha amin'ny M'Vola 0343575372(Koera). Ho an'ny mila fanampi-panazavana amin'ny fikarakarana rehetra ity faha-50 taoan'ny ESPA ity dia afaka mijery amin'ny: https://web.facebook.com/groups/983227035999732/. Teny filamatr'izy ireo ny hoe : « ESPA UN JOUR, ESPA POUR TOUJOURS / MASINA NY POLITEKNIKA. »




*Ny sekoly ambony Polyteknika, na ESPA eny Vontovorona Antananarivo Atsimondrano.*

**Aly**

Jinghui symphonie orchestra

## Mivoy « Mozika mitaiza fanahy »

« Jinghui symphonie orchestra », hivondronan'ireo Sinoa moine, miisa manodidina ny 60 mianadahy. Mpitendry zavamaneno toy ny lokanga, harpe, sodina, contre basse, sns… sady mpihira ary misy mandihy ihany koa izy ireo mandrafitra ny « Jinghui simphonie orchestra », izay mivoy ny mozika nentimpaharazana Sinoa toy ny « mozika klasika bodista « . Miangaly ihany koa ireo mozika klasika nojarian'ireo andrarezina manerantany toa an'i Mozart, Beethoven, sns… ihany koa ny « Jinghui symphonique orchestra ». Ny taona 2019 no nigadona teto Madagasikara izy ireo. Ankehitriny, eny Andranovelona, Lalam-pirenana faha-efatra no misy ny monasitera itobiany.
Raha tsiahivina, ny 01 mey 2022, tetsy amin'ny CCI Ivato, no nanatanteraka seho voalohany ny « Jinghui symphonie orchestra ». Fampisehoana izay niompana betsaka, ho amin'ny fangataham-pitahiana ho soa sy ho tsara eo amin'ny fifandraisan'ny firenena Sinoa sy Madagasikara ary ho amin'ny fampanjakana ny fandriampahalemana maneran-tany.
Matihanina amin'ny filalaovana ny mozika izy 60 mianadahy ireto, izay manana salan-taona 05 hatramin'ny 50 taona. Tafiditra anatin'ny fandaharam-potoanan'izy ireo, ankoatry ny fiaraha-mivavaka sy fanaovana fanatanjahatena ny fandalinana ny mozika isan'andro, miampy ny fianarana ny teny sy ny kolontsaina malagasy. Miainga avy amin'ny fampiasana ny « Solfege » (Sora-peo) ny fampianarana ireo hira eo anivon'ny « Jinghui symphonie orchestra », hoy Randrianasolo Bopo, anisan'ireo mpitarika eo anivon'ny « Jinghui symphonie orchestra ». Asongadina sy avoitra anatin'ireo sanganasa ny fitoriana ny fandriampahalemana, fahendrena, fifanajana, mba ho fitaizam-panahy, vatana ary saina.
Marihana fa manao ho zava-dehibe sy manome lanja ny hasin'ny tontolo iainana ihany koa ny "Jinghui symphonie orchestra". Arahin'asa amin'ny alalan'ny fambolena ireo karazan-kazo miisa 5.000 eny Andranovelona izany, fa tsy mionona fotsiny amin'ny fitanisana an-kira ny hakanton'ny zavaboahary izy 60 mianadahy. Miezaka manatanteraka ilay fahendrena malagasy « Iray vatsy, iray aina » ireo teratany sinoa moine manodidina ny 100 miara-monina ao Andranovelona. Niteraka loharanon'asa ho an'ireo mponina manodidina rahateo ankehitriny, ny fanorenana ireo foto-drafitrasa eny an-toerana tahaka ny trano malalaka fanaovana fampisehoana, sy ny tempoly goavana izay kendrena ho vita amin'ity taona ity. Raha fintinina, mifototra amin'ny fampiasana ny mozika, mba ho fitaovana mahomby hikoloana ny fanahy sy ny saina hadio mandrakariva ny « Jinghui symphonie orchestra ». Ny Mastera Shi wule sy Jinghui ary i Bopo Randrianasolo no angady nananana sy vy nahitana ny "Jinghui symphonie orchestra". Anisan'ireo firenena efa niakaran'izy ireo sehatra ny tany Inde sy tatsy Maurice. Tsy iadian-kevitra, fa azo atao tsara ny maka fifantohana « Meditation » anatin'ny fihainoana ny mozika milamina voaravaky ny dihy mirindra lalaovin'ny « Jinghui symphonie orchestra ».




*Ny « Jinghui symphonie orchestra », mihira ny fandriampahalemana sy ny fitoniana.*

**Lalasoa Razafindrakoto**

Open de Madagascar 2023 de Pancrace

## Fantaro ireo tompondaka sy tompondaka lefitra

Tontosa teny amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano tamin'ny alahady 30 aprily 2023 teo ny hetsika "Open de Madagascar 2023 de Pancrace", izay nokarakarain'ny CMP&S "Commission Malagasy de Pancrace et Submission", tarihan'ny filohany, Razafindranaivo Mely, Mpikatroka avy amin'ny ligin'ity taranja ity niisa 3 anjara dia Analamanga sy Alaotra Mangoro ary Atsinanana anjara ary natao indrindra hanoman'ireo atleta Malagasy amin'ireo lalao iraisam-pirenena, izay handraisan'i Madagasikara anjara atsy ho atsy. Nambaran'ity filohan'ny CMP&S ity teny Ankorondrano nandritra io fifaninanana io, fa tratra ny tanjona notratrarina tamin'ny ankapobeny na dia lesoka kely aza ny tsy nahafahan'ny ligin'i Boeny, sy ny ligin'i Vakinakaratra nandefa solontena, na dia anisan'ireo manana atleta sangany betsaka amin'ity taranja ity aza izy ireo. Ny antony dia tsotra, hoy Razafindranaivo Mely, mbola tena zatra miantehatra amin'ny CMP&S ireo avy any amin'ny Faritra, ka manantena fanampiana avy aminay tanteraka, nefa ny an-tanana manify dia manify na dia nanao izay ho afakay tanteraka aza izay. Ny "sonorisation" no niantohan'ny minisitry ny angôvo sy akoran'afo teo aloha, izay mpanohana mavitrika an'ity taranja ity hatramin'izao. Niakatra koa ny haavo teknikan'ireo mpikatroka tamin'ny ankapobeny, hoy izy, ka mahavelom-bola tanteraka izany, nefa mahavelom-panontaniana fatratra ny hoe : "aiza ho aiza ny fikarakarana sy fanampiana an'ireo atleta tanora eny ifotony eto Madagasikara, izay tena mahafehy tanteraka ny fanatanjahantena imasoany ary voafehin'izy ireo tanteraka tokoa, mba hampandrosoana ny spaoro Malagasy ? Ireo tompondaka sy tompondaka lefitra tamin'ity fifaninanana ity : - Classe B -56kg champion Rakotoarimanga François CSLA/ vice champion Razafimanantsoa Liva Combat Club 101, -Classe B -61kg champion Razafimandimby Fenosoa Marie CSLA / vice champion Makboulhssen Kiran Aina Tsunami, -Classe B -65kg champion Rafidinomena Tafita Guerreros/ vice champion Ratsivahiny Voady Guerreros, -Classe B - 70kg champion Andriamiadamanana Henintsoa Cosfa / vice champion Rakotoniaina Mamy Justin COSFA, -Dame classe B -70kg Louisianne Jeune Avenir de Besarety JAB, - Classe B - 77kg champion Rafinarison Mahery Tiburce Cosfa / vice champion Manjaka Nantenaina Julio Combat club 101, - Classe B -84kg Razafimahefa Célestin Combat Club 101 / vice champion Rakotoniaina Jean Michel JAB, - Dame classe A -56kg Razafimahatratra Bogonnah Tsunami, - Classe A - 56kg Rakotonandrasana Junot CSLA /vice champion Randriambolatiana Tsilavina Tsunami Classe A - 61kg Rakotoarivelo Onjatiana COSFA / Vice champion Randrianarivony Jean Patience COSFA, -Classe A - 70kg Champion Rakotoarimanana Jackie Patrick Cosfa / vice champion Randrianjaka Pierrot Frédéric Cosfa, -Classe A - 77kg champion Sitrajanahary Johnny Inches Lion taekwondo School LTS / vice champion Ramilison Yves Navalona, - Classe A - 93kg Solomampionona Maminandrasana LTS.

**Rainilita**

Hazakazaka "Urban Trail" andiany faha- 6

## Nanolotra rano fisotro 2000 isa ny "Association Perfect Madagascar"

Niavaka ny fandraisan'anjaran'ny "Association Perfect Madagascar" tarihan'ny filohany, Ramatoa Ranaivojaona Sylvie, tamin'ny hazakazaka "Urban Trail 2023", izay notontosaina teny Ankorondrano tamin'ny alahady 30 aprily 2023 lasa teo, ka nandraisana olona hatrany amin'ny 4000 isa tany ho any anjara. Nanolotra rano fisotro "2000 bouteilles" ho an'ireo mpifaninana ny "Association Perfect Madagascar" tamin'ity hetsika ity ary niantoka mpifaninana hatrany amin'ny 100 isa tany ho any ihany koa, ka anisan'ny nahazo loka tamin'izany izy ireo teo amin'ny sokajy vétéran. Noho ity hetsika ity nifandrindran-dalana tamin'ny hetsika "Semaine de vaccination à Madagascar", ka nivoizana indrindra indrindra ny ady atao amin'ny aretina "Poliomyélite" izay manomboka miverina mahazo vahana indray ankehitriny eto Madagasikara dia anisan'ny nanohana azy ity ny Unicef, sy ny minisiteran'ny fahasalamana ary ny minisiteran'ny fanabezam-pirenana, tamin'ny alalan'ny fanentanana an'ireo ankizy mpianatra handray anjara tamin'ny hetsika. Hazakazaka nirefy 7km sy 14 km no natrehan'ireo mpifaninana (avy amin'ny sokajin-taona rehetra : ankizy kely ka hatramin'ny "veteran"). Notolorana "Certificat" sy loka samihafa ireo mpandresy tamin'ity fifaninanana ity. Marihana fa ny "Association Perfect Madagascar" dia mivohy ny fahatahorana an'Andriamanitra voalohany indrindra ary ny fijerena ny olona akaiky azy araka ny tarigetrany amin'ny ankapobeny. "Nanohana an'ity hetsika ity izahay, hoy Ramatoa Ranaivojaona Sylvie, noho izy ity miady amin'ny aretina "Poliomyélite" ary noho izahay ihany koa mpikambana ao amin'ny Rotary Cub Ankorondrano.

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**15/04/2023 hatramin'ny 22/04/2023**

- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**


Fametrahana 1430-05-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Olan'ny Jirama

# Tsy ho voavahan-dry Rajoelina mandra-pialany afaka 140 eo

Samy mahita sy mahatsapa amin'izao fotoana ny olom-pirenena, tsy ny eto an-drenivohitra ihany, fa saika manerana ny Nosy mihitsy, fa tsy ho voavahan-dry Rajoelina intsony ity olan'ny orinasa Jirama ity mandra-pialany eo afaka 140 eo. Tsy ho voavahan'izy ireo intsony ity resaka fahatapatahan-jiro ity, na ny delestazy izany. Andro maromaro izao, saika tapaka avokoa ny jiro tamin'ny tanàn-dehibe maro teto amin'ny Nosy, tsy mba ora vitsy izany no tapaka, fa misy dia iray andro tontolo mihitsy, na iray alina tontolo mihitsy. Ny antony araka ny voalaza dia tsy mety hanome solika ny fitondrana sy ny Jirama intsony ireo kaompanian-tsolika, satria tsy voaefa ny ampahany betsaka amin'ny volan'izy ireo. Ho an'ireo mpiasampanjakana, izay afaka maka solika eny amin'ny toeram-pitsinjarana solika amin'ny alalan'ny karatra, tsy mety mandray izany ihany koa ireo kaompania mpivarotra solika, satria tsy voaloan'ny fitondrana izany, amin'ny alalan'ny tahirimbolam-panjakana. Efa toa tsy manam-bola intsony izao fanjakana izao, ka asa izay hiafaran'ny mandra-pialan'izy ireo afaka 5 volana latsaka kely eo. Momba ny delestazy, tsy ampy ankehitriny ny gazoala an'ny Jirama, satria tsy mety manome solika izay intsony ireo kaompanian-tsolika, raha tsy aloa mialoha ny vola.



*Saika maizina toy izao avokoa ny tokantrano Malagasy tato ho ato, noho ny tsy fahitan'ny fitondrana vahaolana amin'ny delestazy.*

**Ny Valosoa**

NY VALOSOA
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

Kaominina Ivato

# Manampy amin'ny hahazoan'ny olona ny karataniny

Manampy amin'ny hahazoan'ny olona ny karataniny ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, tarihan'ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa. Notanterahana ny herinandro lasa teo ny herinandron'ny karatany, an'arivony ireo olona liana tamin'izany tao Ivato. Mponina an'arivony tao Ivato, no nanatona ny Ben'ny tanàna, ka nanazavany mivantana ny momba ny karatany, tao amin'ny biraony. Nirohotra ny olona, ka nifandimby ny nandraisana azy ireo.
Efa ela no niandrasan'ny mponina izao hetsika Karatany Faobe izao, ka nomena toromarika ny Birao Ifoton'ny Fananantany (BIF), mba hanoro hevitra sy handray ny antontan-taratasin'ireo mponina ireo.

**Stefa**




*Ny ben'ny tanànaPenjy Randrianarisoa, nitafa tamin'ireo mponina nanatona azy, momba ny resaka karatany.*

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

N° 431




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0430)

*Mitsivalana*
- Ilaozana
- Mando – OM
- Dimy
- Ror(a) – Anio
- Basy (miv) – Ora
- Nanome
- AA – Lma

*Mitsangana*
- Imerina
- La – Osa
- Andrana
- Ody – BOA
- Zoma
- Leony (miv)
- No – Ia
- Amboara

## TENY MIFANARAKA N° 431




**Mitsivalana**
**1.** Manao sangisangy **2.** Taranaka mamboly (miv) – Fanafohezana ny minitra **3.** Maneho ny fiangonana **4.** Hazo maro – Ohatra – Ranom-bava **5.** Atao amin'ny fomba mora **6.** Tiany, iriny **7.** Tampisaka – Alon-dranomasina **8.** Marika – Ao amin'ny fery **9.** Karatra matanjaka – Ankizy kely taona – Naoty **10.** Tovano – Volana

**Mitsangana**
**A.** Miahiahy, kanosa **B.** Biby (miv) – Reraka, tsy ampy hery **D.** Nalahatra tsara, tsy mikorontana **E.** Lavitra – Harena (BL) – Zandarimaria **F.** Nanaovanay antsoantso tsy fankatoavana **G.** Mpisolo tena – Voaray, tra-tehaka **H.** Fanontaniana **I.** Mahazo tampoka tsy ampoizina **J.** Nivadika zavatra hafa – Fototongotra **K.** Fanitarana – Zava-maniry masiaka

### Valiny Teny mifanaraka 0430

**Mitsivalana**
**1.**Hasasarana **2.** Ivy - O.I **3.** Tononkalo **4.** Sotro - Piso **5.** Arovy **6.** Reny - (V)al(o) **7.** Alika (miv) - Atao (miv) **8.** Nenina - Tao **9.** Fitiavana (miv) **10.** Aia ? - Divay

**Mitsangana**
**A** Hatsarana **B.** OO - Ekena **D.** Sintoninay **E.** Rova (miv) - Avily (miv) **F.** Sinoa - Ana **G.** Ra - Dia (miv) **H.** Roapolo - Ti **I.** Vilia (miv) - Vita (miv) **J.** Osy - Tafa **K.** AG - Hao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Manou

**Akon'ny fitsidihan'ny filoha Marc Ravalomanana ny tany Antsohihy faritra Sofia ny faran'ny herinandro teo, sy akon'ny kongresim-paritry ny antoko TIM tany an-toerana.**















